

ce 17-07-29  
S-PU  
✓  
RA n° 03  
(election PAN)  
L  
56



REPOUBLIKANI MADAGASKARA  
Fitavaana • Tanindrazana • Fandresonane



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA MANOKANA  
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

## **FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-3

**FIFIDIANANA NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA**

Fivoriana faha-3

Natao ny

Alakamisy 11 Jolay 2024

- Tolak'andro -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste  
Solombavambahoaka Zokiolona

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa,  
Solombavambahoaka Zandriolona

**FOTOANA:** Alakamisy 11 Jolay 2024, tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fifidianana ny Filohan'ny Antenimierampirenena.

Taorian'ny fandanian'ny Solombavambahoaka ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ho an'ny fe-potoana fanaovan-dalàna, taona 2024-2029 dia nitohy ny, Alakamisy 11 Jolay 2024, tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny fivoran'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste, Solombavambahoaka Zokiolona sy Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa, Solombavambahoaka Zandriolona no nitarika izany.

Teo ampanombohana ny fotoana, nomarihan'Andriamatoa Solombavambahoaka Zandriolona, fa eo ampanaovana ny latsabato no manonona ny anarany sy ny Distrika nahavoafidy azy ny Solombavambahoaka manatontosa ny fandatsaham-bato, sady manamarina ihany koa ny fahatongavany.

Notsindriany fa mandeha tsiroaroa araka ny filaharany ny Solombavambahoaka, ka izay voatonona dia mandroso eny anoloana maka ny taratasin-datsabato ary mankao amin'ny trano fisainana, aorian'izay mandatsaka ny vato ao anaty vata mangarahara.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Zokiolona, fa Andriamatoa TOKELY Justin irery ihany no nilatsaka hofidiana ho Filohan'ny Antenimierampirenena. Izany hoe, kandidà tokana no hofidian'ny Solombavambahoaka ho Filohan'izany Andrimpanjakana izany.

Rehefa izany, niangavy Solombavambahoaka iray, Andriamatoa Zokiolona, mba hanolotra ny Kandidà hofidiana.

Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert no nandray fitenenana tamin'izany. Nambarany fa Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Sambava, Andriamatoa TOKELY Justin. "Administrateur civil" ny tenany ary efa nisahana andraikitra maro tetra amin'ny firenena, toy ny: fitantanana ny Minisiteran'ny Atitany, efa Lehiben'ny Distrika tao Fenerive-Est. Mbola tsy nahenoana fitarainana tamin'ny mpiara-miasa taminy ny andraikitra notazoniny. Midika izany, fa olon'ny fiarahanonina izy ary olona tsy tia korontana ihany koa.

Teo ampamaranana ny teniny, nomarihany fa ny Vovonana IRMAR no nanolotra azy ho kandidà amin'ny toeran'ny Filohan'ny Antenimierampirenena ary nitaona ny Solombavambahoaka rehetra ny tenany handatsa-bato ho an'Andriamatoa TOKELY Justin, mba ho mariky ny firaisankina eto amin'ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka vitsivitsy nanao satroka ka nomen'Andriamatoa Zokiolona fitenenana.

Andriamatoa isany: - RAKOTONIAINA Pety

- RATSIRAKA Iarohana Roland
- RABENIRINA Jean Jacques
- RAKOTOMALALA Miarintsoa

Fahavononana ny handatsa-bato ho an'Andriamatoa TOKELY Justin no votoatin'ny fandraisam-pitenenana nataon'izy ireo na dia tsy mitovy aza ny antoko politika misy azy tsirairay avy.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Zokiolona, fa hiroso amin'ny fifidianana izay ho Filohan'ny Antenimierampirenena ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-15, andalana faha-4 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany, izay milaza: fa ny Filohan'ny Antenimierampirenena dia fidiana ho amin'ny faharetan'ny fe-potoana fanaovana-dalàna, amin'ny latsabato miafina manondro anaran'olon-tokana, misy fihodianana roa: raha tsy azo ny antsasamanilan'ny vato manan-kery amin'ny fihodinana voalohany, ny ankamaroany dia ampy amin'ny fihodinana faharoa, eo amin'ny mpilatsaka ho fidiana roa izay mahazo vato be indrindra amin'ny fihodinana voalohany ary raha misy ny fitovian'ny vato, ny zokiny indrindra no voafidy.

Niangavy an'Andriamatoa Zandriolona, mba hanazava ny fandaminana arahina amin'ny fandatsaham-bato, Andriamatoa Zokiolona, taorian'izay.

Efa voalaza teo aloha, hoy Andriamatoa Zandriolona, fa mandeha tsiroaroa araka ny filaharany ny Solombavambahoaka, ka izay voatonona dia mandroso eny anoloana maka ny taratasin-datsabato ary mankao amin'ny trano fisainana, aorian'izay mandatsaka ny vato ao anaty vata mangarahara; manonona ny anarany sy ny Distrika nahavoafidy azy sady mba ahafahana manamarina ihany koa ny fahatongavany.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandatsaham-bato ny Solombavambahoaka.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka niangavian'Andriamatoa Zokiolona hikirakira sy hanaramaso ny fandatsaham-bato; Andriamatoa sy Ramatoa isany: - MICHELLE Bavy Angelica

- RATSIMANDRIONA Aïda Hardy
- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- RANDRIANASOLO Augustin

Toy izao ny vokatry ny fifidianana:

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 163
- Isan'ny Solombavambahoaka nandatsa-bato: 160
- Vato manan-kery: 160
- Vato maty sy tsy manan-kery: 00
- Vato azon'ny kandidà TOKELY Justin: 160

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa ZOKIOLONA, fa lany ho Filohan'ny Antenimierampirenena, Andriamatoa TOKELY Justin, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Sambava.

Rehefa avy niarahaba sy nirary soa ho azy hahavita be amin'ny adidy masina izay miandry azy, Andriamatoa Zokiolona dia niangavy ny Filoha vaovao mba handray ny toerany eny amin'ny "perchoir".

Tamin'ny 4 ora sy 45 minitra, tolak'andro, Andriamatoa Filoha, no nandray ny toerana maha Filohan'ny Antenimierampirenena azy.

Taorian'izay, niroso avy hatrany tamin'ny lahateny fohy, Andriamatoa FILOHA.

Fisaorana an'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny andinin'ny Soratra Masina no nisantarany ny teniny.

Nanolotra fisaorana ho an'Andriamatoa Zokiolona sy Andriamatoa Zandriolona ihany koa ny tenany tamin'ny fitarihana ny fivoriana nanomboka tamin'ny Ianonam-panokafan'izao fivoriana manokan'ny Antenimierampirenena izao.

Nisaotra ny Solombavambahoaka tamin'ny fahavitrihana nivory sy ireo teknisiana eto amin'ny Antenimierampirenena, izay tarihan'Andriamatoa Sekretera Jeneraly ihany koa ny tenany

Niarahaba ny Solombavambahoaka nivoaka mpandresy tamin'ny fifidianana ary nifyd azy ho Filohan'ny Antenimierampirenena izy taorian'izay.

Rehefa izany, nampahatsiahys ny anjara asan'ny Solombavambahoaka ny tenany ary nampanantena azy ireo fa hametraka ny fahalalahana miteny eto amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena. Izany hoe, tsy hisy intsony ny Solombavambahoaka tampenambava, fa afaka maneho hevitra avokoa ny rehetra. Raha atao bango tokana izany dia tsy hisy ny fanavahana antoko fa mitovy daholo rehefa Solombavambahoaka.

Niato tamin'ny 4 ora sy 55 minitra, hariva, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Ny Solombavambahoaka ZOKIOLONA



RAKOTORAHALAHY Modeste

Ny Solombavambahoaka ZANDRIOLONA



MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa